


# VAOVAO
# COMMUNAUTÉ CATHOLIQUE MALGACHE AIX MARSEILLE

Ny lamesa dia isaky ny alahady faharoa sy fahatelon'ny volana, manomboka amin'ny 3 ora sy sasany tolak'androka ny toerana dia ao amin'ny fiangonana Immaculée Conception 8 rue de la Boucle Marseille 13012, izay arahina fiaraha -miala hetaheta : fotoana ifampiresahana sy ifampizarana.

Ny communauté koa dia mandray anjara hatrany isaky ny alahady voalohan'ny volana amin'ny émission « **Madagascar Aujourd'hui** »ao amin'ny Radio RCF DIALOGUE, amin'ny 06h15 hariva hatramin'ny 07 orahariva.

Izany fandaharana izany dia mizara telo lehibe : ny vaovao mikasika an'i Madagascar nandritra ny herinandro lasa, fotoam-bavaka « Esprit et Vie » ary dossier social, ara-jeografia, litorjika na ara-tantara ka mifandray amin'i Madagascar. Ireo sampanatelo CCMAM (chorale, tanora, ny mpikambana ary ny adolantsento) no mifandimby mandray anjara amin'izany.

**Jery todikany taona lasa 2017 :**

* 23 aprily : Lamesa fanokafana ny fankalazana ny faha 45 taonan'ny CCMAM, narahina sakafo sy kitonotono.
* 15 mey : Takarivam-pianakaviana niaraka tamin'i Mompera Bethaz natao tao amin'izokivavy Maolida. Teo koa no niresahan'i Mompera Bethaz momba ny Rakibolana frantsay malagasy VITASOA.
* 10 jiona : Hetsika fitadiavam-bola sady fanohizana ny fankalazana ny faha 45 taona niaraka tamin'nyTarika Ndriana RAMAMONJY ;
* 18 jiona : Lamesa nankalazana ny faha 20 taona naha pretra an'I Mompera Juvence RAMANAMBITANA
* 25 jiona : Fivavahana firaisam-pinoana ho an'ny tanindrazana ka ny fiangonana loteriana no nandray.
* 30 jiona : Fandraisana anjaran' ny communauté sy Mompera RANDRIARIMALALA Jean Bosco tamin'ny lanonana fankalazana ny faha -57 taonan'ny fahaleovan-tena natao tao amin'ny Consulat Général de Madagascar tao Marseille.
* 9 jolay : Lamesa famaranana ny taona 2016-2017.
* 15-16 jolay : Fotoam-bavaka sy fialam-boly famaranan'ny Chorale VOAFAFY ny taona natao tany amin'I Mompera Juvence tao Nimes.
* 17 septambra : Lamesa fanombohana ny taona 2017-2018
* 8 oktobra : Fifidianany filoha CCMAM sy filohan'ny chorale ary filohan'ny tanora.
    - Filohan'ny CCMAM : Fanjamanana RANDRIANALIFERA
    - Filohan'ny Chorale VOAFAFY : Nadia ANDRIAMISAINA
    - Filohan'nyTanora : Larry RAZAFINTSEHENO
* 28-29 oktobra : Filan-kevitra nasionaly tany Toulouse, nandraisan'ny birao vaovao sy birao teo aloha anjara.
* 18 novambra : concert évangelique nokarakarain'ny chorale niaraka tamin'i TIAR.
* 9 desambra : Voady mandrakizay Sr Lucile RAZERISOA (Notre Dame de la Salette) natao tany Soanindrariny. Ireto fikambanan-dry Masera ireto no mikarakara ny fandraisana, ny litorjia, ny trano fivarotam-boky sy sovenira ao Notre Dame de la Garde. Ka raha sendra mitsidika an'i Notre Dame de la Garde ianareo dia tadidio fa misy masera mpiray tanindrazana amintsika ao, ary matetika dia hita ao foana ry zareo.
* 17 desambra : Lamesa Noely ho an'ny communauté narahina seho Noely nataon'ny ankizy, ny adolatsento ary ny chorale. Nofaranana tamin'ny fiaraha-mialahetaheta.
* 24 desambra : Lamesa narahina fiaraha-misakafo.

**Ny taona 2018:**

* 6 janoary : Voady farany Frère Benega RAMAHEFASOA (Ordre Hospitalier de Saint Jean de Dieu) natao teto Marseille, izay nandraisan'ny communauté sy ny relijiozy lahy sy vavy anjara feno tamin'ny hira sy dihy nandritra ny lamesa
* 14 janoary : Fankalazana ny faha-104 taonan'ny andro iraisam-pirenena ho an'ireo mpifindra monina sy mpitsoa-ponenana. Nandraisan'ny communauté vahiny maromaro anjara, samy nampiseho ny talentan'ny fireneny avy ka ny communauté malagasy no nanokatra ny seho. Nanotrona izany ny archevêque diosezy Marseille Mgr Georges PONTIER sy ny Vicaire général Père Pierre BRUNET.
* 20 janoary : Raclette party nataon'ny tanora
* 21 janoary : Fivavahana firaisam-pinoana taom-baovao 2018 ka ny fiangonana rahavavy protestanta no nandray.
* 27 janoary : Fiaraha-misakafo sy fifampiharabana tratry ny taona ary fivoriam-ben'ny fiangonana.
* 03 febroary : Lasopy tongotr'omby nokarakarain'ny tanora hanampianany ho enti-manana amin'ny zaikabe Lourdes
* 10 febroary : Récollection notarihin'I Masera lehiben'ny fikambanana Sainte Trinité Sr Henriette RAZAFINDRAMANANA

**Fandaharam-potoana ho avy :**

* 15 aprily :Lamesa famaranana ny fankalazana ny faha 45 taonan'ny CCMAM
* 28 aprily : Concert annuel chorale VOAFAFY
* 29 aprily : Messe des Nations miaraka amin'ny pastorale des migrants
* 11-12-13 mey : Zaikabe lourdes
* 20 mey : Lamesa manamarika ny fanafoanana ny fanandevozana izay andraisan'ny communauté anjara.

Ankoatra ireo dia misy fanasan'ny paroasy Aubagne sy Redon ny communuté hanafana sy hitarika lamesa, fa mbola tsy voafaritra ny daty.



Contact : ***RANDRIANALIFERA Fanjamanana***

0671991356

fanjachristian@yahoo.fr

